



FIADIDIANA NY REPOBLIKA FAMPITAM-BAOVAO

Fetim-pirenena maorisiana : ny filoham-pirenena Andry Rajoelina no vahiny manan-kaja teo amin'ny Champ de Mars

«Dan linite nou avanse» na ho iray isika no handroso, ity no lohahevitra nentina nankalazana ny fetim-pirenena maorisiana ny 12 Marsa 2019. Mankalaza ny faha 51 taonan'ny fahaleovantenany ity nosy rahavavy ity ary koa ny faha 27 taonan'ny repoblika maorisiana. Henin-kaja i Madagasikara, tamin'ny alalan'ny filoham-pirenena Andry Rajoelina mivady izay voaasa manokana, nandritra ny fankalazana teny an-toerana. Ny sainam-pirenena malagasy rahateo dia nantsangana eraky ny nosy. Nanokatra ny fankalazana teo amin'ny Champ de Mars ny fampisehoan'ireo angidimby sy fiaramanidin'ny Escadron héliporté an'ny polisy maorisiana, ny Dornier, ny tafika an-dranomasina Indiana ary ny tafika mitam-piadiana ao amin'ny faritra atsimon'ny Ranomasimbe Indiana. Ny «Special Mobile Force» no nanohy ny lanonana tamin'ny alalan'ny hetsika « Silent Drill ». Ankoatr'izay dia nanamarika ny fankalazana ny fetim-pirenena maorisiana tamin'ity taona ity ihany koa ny fandraisana anjaran'ny mpianatra malagasy 21 avy ao amin'ny ACMIL izay nitondra avo ny sainam-pirenena malagasy sy ny voninahitry ny Tafika malagasy. Nandray anjara tamin'ireo hetsika ara-kolontsaina, tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny fetin'ny fahaleovantenan'ny Nosy Maorisy, ihany koa ny filoham-pirenena mivady.

Fiadidiana ny Seraseran'ny Repoblika

12-03-2019